***FAHITANA IREO OLO MALAZA, MPANAO BAOLINA KITRA TANY AMIN'NY HELO.***

**Vision_of_Celebrities_Footballers_Pastors_Gadaffi_in_Hell_Fire_by_Emmanuel_Agyarko** Malagasy http://www.divinerevelations.info/malagasy

**Emmanuel_Agyarko.** *Voaray tamin'ny 24 Novembre 2011:*

***http://www.DivineRevelations.info/MALAGASY***

***Ny 24 novambra 2011 tolakandro, rehefa avy tany am-pianarana aho, dia nilatsahan'ny fanahy masina ka nentin'ny Tompo tany amin'ny helo mba hampisehoany zava-maro samihafa . Tsy vao voalohany akory aho no nentina tany amin'ny helo, fa efa niaina fahitana hafa koa, na dia izany aza dia miavaka tokoa ity indray mitoraka ity satria maneho fampitandremana maro ho an'ireo olombelona ety an-tany.Mivavaka ho an'izay mamaky sy mihaino ity fijoroana vavolombelona ity aho mba tsy handraisan'izy ireo azy ho toy ny vazivazy, mba hialana amin'ny helo amin'ny fomba rehetra sy hifantohana tanteraka any amin'ny JESOSY KRISTY TOMPO ary hiandrasany ny fiaviany.***

**IREO MPITANDRINA IZAY TSY MANDOA NY AMPAHAFOLON-KARENA**



Nahita mpitandrina efatra aho tany amin'ny helo, izay lasa tany noho ny tsy fandoavana ampahafolon-karena.Ny iray antsoina hoe Albert ary ny iray kosa Daniel, mpitandrina tao amin'ny " eglise de christ " io fiangonana io dia tsy mino intsony fa tsy maintsy aloa ny ampahafolon-karena. Niteny tamin'ireo mpiangona tao aminy I Daniel fa tsy tokony haloa intsony ny ampahafolon-karena satria tsy ilaina.Any amin'ny helo izy noho ny antony roa lehibe.Voalohany, tsy nandoa ny ampahafolon-karena izy, manarak'izany dia tsy nampandoainy koa ny mpiangona.Raha ny momban'I Albert kosa, nino ny fandoavana ny ampahafolon-karena ny fiangonany, fa nieritreritra izy fa natokana ho an'ny mpino izany fa tsy ho azy mpitandrina. Te-hiverina ety an-tany izy ireo mba hibebaka ka hanomboka handoa ny ampahafolon-karena. Ireo pitandrina roa  hafa koa dia tsy nandoa,  ny iray amin'izy ireo dia nihevitra fa tsara izany na dia fantany aza fa tokony hanao izany izy, fa ny iray kosa nieritreritra tao am-pony fa tsy osa ny fiangonana tandremany, noho izany dia tsy ilaina aminy ny fampandoavana na inona na inona toy ny ampahafolon-karena.

**IREO MPAMPIASA ODY SY FITAOVANA MITONDRA NY HERIN'NY MAIZINA**

Teo am-padehanana tany an-davaka aho, nahita lavaka maro feno  vehivavy maro izay nampiasa ody mba hahazoam-bady.Ny sasany amin'izy  ireo nampiasa lokomena, manjamaso voajoro mba hambaboana ireo lehilahiny.Iray tamin'ireo lavaka dia nahitako vehivavy antsoina hoe Ama Gyamfua izay mpiangona tao amin'ny pantekotista mitambatra, naka ody tany amin'ny mpimasy izy mba hahafahany mitondra ny vadiny amin'ny sangany, izay no antony nahalasa any, noho ny fampiasany ireo zavatra misy hozona.Teo ankaikin'io lavaka io dia nisy vehivavy hafa antsoina hoe Mavis,  nisy lokomena tao am-bavany.Nangataka io lokomena io tany amin'ny mpimasy izy, mba hanintonana sy hambaboana lehilahy, hahafahany mibaiko azy ireo hitady vola ho azy.

Taorian'izay dia nahita tovovavy antsoina hoe Viviane aho tokony ho eo amin'ny 24 taona, nanao akanjo maloto dia maloto sady maharikoriko miendrika fitafy fohy sady tsy maontina, lava hoho, manao lokomena mamiratra sy fehiloha. Lasa tao an-davaka izy noho ny fitazonana sampy sy zavatra hafa misy herin'ny maizina izay ampiasainy rehefa mandry amin'ny lehilahy mba hangalany ny

tsirinainy, hampiasany izany amin'ny fanompoan-tsampiny.Lehilahy dimy no maty noho izany.Natao izany fombafomba izany mba hahazoam-bola. Nilaza tamiko izy fa nanao fitafy tsy maontina tety an-tany mba hambaboana, tany Kwashiman Accra Ghana izy no nipetraka, Teo am-pijerena izany rehetra izany aho no sendra natopiko ny masoko ka nahita vehivavy iray vadina mpitandrina antsoina hoe Alice. Nitady ody koa izy mba hitondrana ny vadiny amin'ny sangany.Nolazainy tamiko fa mpamosavy izy ka nandeha nitady mpimasy.Nalainy ny ra mivoaka amin'ny fadimbolany miampy zavatra hafa ka nataony tamin'ny sakafom-badiny.Nanomboka teo dia tsy tompon'ny tenany ilay vadiny fa toy ireny zazakely ireny, ataony amin'izay tiany hanaovana azy, feheziny tanteraka. Nofatorany ny vadiny ka nohidiany ara-panahy tanaty tavoahangy.Efa namono mpiara-mivavaka taminy vitsivitsy koa izy.Rehefa maty izy noho izany dia natsipy avy hatrany tany amin'ny helo noho ireo zava-doza nataony.

Nentin'ny Tompo nivezivezy tao amin'ny afobe aho ka tamin'izany no nahitako lehilahy mpanompo sampy antsoina hoe Kwame.Misy peratra eo amin'ny filahian'io lehilahy io izay ampiasainy hanisiana odiratsy iroe mpivaro-tena miaraka aminy, Mandry amina mpivaro-tena izy ka vonoiny izay avy andriany ka angalany taova ny rantsana ny faty hanaovana fombafomba hambaboana mpivaro-tena hafa indray.

Tao aorian'io tranga io dia natoron'ny tompo lehilahy iray lava ranjanana, nanam-pahefana hanisy odiratsy hambaboana zatovovavikely maro aho. Efa nandry tamina zatovovavy tokony ho arivo io lehilahy io.Tany amin'y anjery manontolo Legon, Accra Ghana izy no nonina. Nanitatra ny habe sy halavan'ny filahiany izy, izay no nahatonga azy ho any amin'ny helo, ary voafantsika izy any an-davaka.Mpitaiza tanora tao amin'ny fiangonany koa izy ka efa nandry tamin'ireo tovovavy maro tao am-piangonany.

Tao aorian'izay dia nahita mpitandrina ao amin'ny fiangonana "methodiste" nantsoina hoe Francis aho.Nandeha tany amin'ny mpimasy izy mba haneken'ny olona izay rehetra lazainy.Rehefa mangataka handry amin'ny vehivavy izy dia manaiky avy hatrany izy ireo, noteneniny tamin'izany koa fa sarimbavy izy.Nahita vehivavy mpanentana fandaharana amin'ny fahita lavitra tany Ghana koa aho izay maty. Manana manja azony tamin'ny mpimasy Indiana izy.Ny tanjony tamin'izany di any mba halaza, ho tiana ary hankasitrahana amin'izay ataony rehetra.Matin'ny diabeta izy tamin'ny farany.

Manaraka izany dia nahita mpitandrina fito mpikambana amin'ny fikambanana miafinako aho, mbola mitafy ny fitafian'io fikambanana miafina io izy ireo hatramin'izao.Mpaminany sandoka izy ireo ary manana peratra misy herin'ny maizina izay ampiasainy hanaovany fahagagana sy faminaniana tao amin'ny fiangonany. Mikiakiaka mafy izy ireo noho ny fanaintainana mahazo azy.

Izaho koa nahita mpitarika hira tao ampiangonana izay maty tany Ghana.Mpitandrina izy, hoy izy, nanatona Indiana iray izy mba hahamanga feo azy.Nomena menaka izy, hoy izy, ary nasaina nandoro emboka manitra, nomena peratra koa izy izay nahafahany namoaka raki-kira maro.Noterena izy ho tambin'izany handry amim-behivavy maro; noho izany dia nandry tamin'ny ankamaroan'ny vehivavy tao ampiangonana izy.Tany amin'ny helo, nisy kankana lava dia lava maro niditra sy nivezivezy tao amin'ny vatany, nahamay tokoa izy tao anaty afo. Misy marika 666 eo amin'ny handriny.

Nahita lehilahy antsoina hoe Abed-Nego koa aho, miravaka rojovy eo amin'ny tendany.Tety an-tany, raha vao tandindonin-doza izy dia nampiasa io hanjavonany na handosirany ny fahafatesana.Maty ihany anefa izy ka mijaly mandrakizay any amin'ny afon'ny helo.

Nahita ganneane maro miravaka peratra volamena, volafotsy ary “laiton” aho.Izy rehetra ireo dia mpikambana ao amin’ny fikambanana miafina.Rehefa izany dia natoro ahy ny minisitry ny fitantanambola ganneane taloha izay lasa tany amin’ny helo noho ny mahampikambana azy amin’ny fikambanana miafina iray sy noho ny fitadiavana hery hafa hamparani-tsaina azy.

Nahita mpitandrina avy any Ghana iray koa aho antsoina hoe Alfredizay nanatona ny “rène de la côte” mba hahazoana fahefana. Manana peratra si mosara fotsy izy any, ny mosara dia entiny manasitrana fa ny peratra kosa dia fandroahany ny devoly. Im-pito avo heny ny fijaliany raha miohatra amin’ireo olon-kafa rehetra nampiasa ody.

Taorian’izay dia nahita vehivavy avy any Nigeria izay nampiasa ody hibaikoana ny vadiny mba handovàny ny fananany rehefa maty io vadiny io. Saingy indrisy fa maty izy ka any andavaky ny helo amin’izao fotoana izao.Nahita mpianatra maro mitondra kitapo koa aho tany, manomboka amin’ny fanabeazana fototra ka hatramin’ny anjery manontolo .Nanatona ombiasy izy ireo mba harani-tsaina, ary tena nahay tokoa tany am-pianarana. Tsy nahavita ny fianarany akory izy ireo fa maty ary nentina tany amin’ny helo. Nahita mpianatra vitsivitsy avy amin’ny sekoly malaza tao Kumasi Ghana koa aho tany amin’ny helo.Nahita dokotera maro aho tany, ny iray amin’ireo mitondra ny anarana hoe Fripong, nanomboka nitantara izy rehefa nahita ahy, fa nony lasa dokotera izy dia natahotra mafy ny ainy ka niditra ho mpikambana tamin’ny vondrona miafina ka nomena peratra fiarovana.Lozam-piarakodia no nahafaty azy ka nentina tany amin’ny helo izy.Nahita mpisolovava, mpitsara, ary mpitsara ambony koa aho tany.Mpikambana tamin’ny vondrona miafina koa izy ireo ary nangataka tamin’ny devoly mba hiaro azy.Nanana peratra fiarovana izy ireo fony izy ireo mbola velona.Nahita vehivavy avy any Kwadaso Kumasi izay tena fantatro tokoa aho. Nandeha tany amin’ny mpimasy izy mba hahazoany ny olon-tian’ny namany. Nahamenatra ny fahafatesany ary lasa any amin’ny helo izy. Avy eo aho dia nahita lehilahy antsoina hoe Budo izay nipetraka tao buokrom nonina tao Kumasi fony fahavelony. Hatanjaka sy nahery tokoa izy ka na ny mpitandro filaminana aza natahotra azy. Nangataka tamin’ny satana izy mba hatanjaka sy hahery ka tsy ho laitram-bala na antsy na lefona na fitaovam-piadiana hafa koa. Ny fahefana izay nananany, hoy izy, dia nahamafy ny vatany toy ny vy, ka na ny bala aza hamela marika fotsiny amin’ny vatany fa tsy handratra azy, Tsy maintsy nivarotra ny fanahiny tamin’ny devoly izy mba hahatrarany izany tanjony izany. Any amin’ny helo io olona io ka mijaly mafy satria ampiasain’ny devoly ny lefona nodorana midorehitra mena mba handavahana ny vatany iray manontolo.

Rehefa izany dia nahita mpivarotena maromaro arahin’ny devoly hatrany ary aolan’izy ireo eo afovoan’ny afo.Nanatona ombiasy izy ireo mba handeha ny tsena fivarotan-tena ataony, handray mpividy maro izy ary tsy hiharan’ny herisetra na famonoana.Ny iray tamin’izy ireo izay nantsoina hoe Joana dia nilaza fa “afaka nanjavona izy rehefa tandindonin-doza”.Ireo tovovavy ireo dia any amin’ny helo ary mijaly mafy.

Nahita vehivavy ghaneane antsoina hoe nenitoa Afua.Naka rano voahasina tamin’ny mpaminany tao Ghana izy. Noraisiny ho toy ny andriamaniny io rano io. Ranon-devoly io rano io ka nalasa azy tany amin’ny helo.

Nahita an’I Frank koa aho, izay avy any Ghana, nanatona “mpaminany” izy ka nomeny mosara izay asafony ny tarehiny rehefa te-hahazo izay ilainy izy na aiza na aiza misy azy. Misy herin-devoly io mosara io ary maty tao anatin’izany fahotana izany izy.

Avy eo aho dia nahita avy lavitra lavaka feno olona tokony ho iray alina eo May. Naneso sy nihomehy azy ireo ny devoly ka hoy izy: "ireo olona rehetra ireo dia nampiasa peratra misy herin'ny maizina. Rehefa nohatoniko akaiky dia nahafantatra olona tao aho mitondra ny anarana hoe Afriyie aho, mpitandrina tao Ghana izy io. Hoy izy tamiko: "Nampiasa peratra aho hoentiko manao fanasitranana mahagaga".Tokony ho roa arivo eo ho eo ny mpitandrina ao anatin'io farihy iray io.Mpitandrina avy amin'ny firenena maro manerana izao tontolo izao.

Rehefa avy eo dia nanehoana tanora iray avy any Kumasi izay fantatro tsara aho izay efa maty. Tsara tarehy io tovolahy io ka niaraka tamina vehivavy maro. Any amin'ny helo izy noho ny fijangajangana. Misy fehitratra mahamay izay mandoro sy manampaka ny vatany mifatotra aminy. Nolazainy tamiko fa ireo zavatra tsy dia ilaina firy ireo no nandaniany ny androny tety ambonin'ny tany.

Rehefa izany aho dia nahita devoly mitondra gony dimy misy volan'ny firenena maro isan-karazany izay omena izay te-hanankarena raha toa ka mivarotra ny fanahiny amin'ny satana izy ary maty taona vitsivitsy aorian'io. Izay manao izany aminareo dia mampifamatotra ny fanahiny amin'ny helo ka rehefa maty dia atsipin'ny devoly any anaty afo. Nisy mpimasy iray izay niteny tamina lehilahy iray fa mbola manana fito taona izy hiainana eto an-tany, nefa raha ny tena marina dia zaraina roa io fotoana io ka maty telo taona sy tampany taorian'io ilay olona.

Nahita vehivavy nizeriana tokony ho 43 taona iho izay lasa any amin'ny helo noho izy nandatsaka ran'olona tsy manan-tsiny: nangalatra zaza 1 volana tany amin'ny toeram-pitsaboana izy, Nataony tao anaty laona io zaza io ka notototoiny mandra-pahafatiny.Nafangarony tamina menaka miloko mavo-maitso ilay izy, nanaovany fombafomba, navadiny ho dolar amerikana any amin'ny tontolo ara-panahy.Miantsoantso mafy io vehivavy io ka miteny hoe "vola! Vola!" ireo devoly kosa eo anatrehan'izany dia mampijaly azy amin'ny lefona miendrika sotro rovitra no sady mamaly azy hoe: "ry vehivavy ratsy fanahy, derao ny devoly toy izay nataonao fony ianao mbola teny an-tany".

Nahita vehivavy iray hafa koa aho izay niray tamina lehilahy maro tety an-tany, angoniny ny fimailo mbola misy tsirinaina ka ataony anaty boaty ny tsirinaina ary ateriny any amin'ny ombiasy hanaovana fombafomba, Nataony izany mba hahazoam-bola.Maty izy taty aoriana ka ampijaliana any amin'ny farihy mirehitra afo.

Nony avy eo dia nahita lavak'afo faran'izay mahamay misy soratra hoe "mpaneso an'Andriamanitra" aho tamin'ny faritra iray tao amin'ny helo, Ao amin'io toeraana io no misy ireo olona nanana peratra volamena lehibe sy ngeza nentin'izy ireo nanasitrana, nandroaka demonia, nanova ny ozona ho tsodrano, nanao famantarana sy fahagagana maro fony izy ireo tety an-tany.Ireo nampiasa peratra volamena mifono hery tsy hita ihany no ao. Ary hitako ny devoly mpiandraikitra io toerana io nilaza hoe: "Ato ireto olona ireto noho izy nampiasa peratra misy herin'ny maizina hanaovana fahagagana". Lalina dia lalina ny lavaka misy azy ireo. Avy amin'ny firenena maro fa misy olona roa avy any Ghana tsipalotry ny masoko. Nisy iray avy any Nigeria niantsoantso mafy hoe: "Ray ô! Vonjeo aho", fa nisy feo namaly azy hoe: "tsy fantatro akory ianao hatrizay". Nandalo teo amin'io toerana io I losifera ka toran'ny hehy maneso azy ireo.

Ny mpanjakavavin'ny Angletera Diana sy Michael Jackson n'ny Amerika any amin'ny helo.

Hitako tany amin'ny helo noho ny filalaovana ody ratsy ny mpanjakavavy Diana, somary niova ny endriny.Nanana peratra fiarovana avy any Inde izy, nefa tsy naharo azy izany, mazava ho azy, tamin'ny ilay indray alina nitrangan'ny lozam-piarakoedia nahafaty azy. Iray amin'ireo olona hitako tany koa, ao anatin'ny vondron'ny mpanao mozika, I Michael Jackson .Nanana peratra majika avy any Inde izy teo amin'ny tanany, io no nanampy azy hiantsoany ny hery lehibe indrindran'ny satana.Nolazainy tamiko hoe: "Nitady peratra avy amin'ny satana mivantana aho. Nomeny ahy noho izany ny harena, voninahitra ary feo manga toy ny an'ny anjely, ka noho izany mijaly aty amin'ny helo mandrakizay tsy misy an'I Kristy aho".Io peratra Indiana io no nahatonga azy halaza eran'izao tontolo izao sady nananany feo manga tsy misy toa azy.Anisan'ireo nampiasa ny hery miafin'ny maizina izy.

**NY KOLONELY MOHAMMAR KADAFHI SY NY GENERALY SANI ABACHA ANY AMIN'NY HELO**

Tao aorian'izay dia nahita ny filoha nizeriana teo aloha sany abasha ao amin'ny vondron'ny mpanjaka tany amin'ny helo aho.Ao no misy ny ankamaroan'ireo mpitondra firenena manerana izao tontolo izao. Nolazainy tamiko fa nataony izay hahafaty olona aminarivony maro hampiasany ny vatan'izy ireo amina fombafomba samihafa. Av yeo dia hitako ny kolonely mohammar kadafhi izay novonoin'ny mpanohitra tany Libye voa haingana.Any izy, hoy izy, noho ny tsy finoany an'I jesosy kristy. Nasehon'ny Tompo ahy ny fiainany teto an-tany.Nanana rojo misy hery miafina izy , izay mampanjavona azy rehefa tafihin'ny Otan sy ny mpanohitra izy.Indrisy anefa, tamin'io andro io dia hadinony ny nitondra ilay rojo izay azony tamin'ny mpimasy lehibe Indiana rehefa avy nandro izy. Hoy izy: "Tiako hambara amin'ireo Libyana, vavy sy lahy, fa tokony hitodika amin'ny finoana kristiana izy ireo".Nambarany tamin'izany fa mijaly mafy izy ka raha tsy miova izy ireo dia ho tonga any tahaka azy koa.Ary mbola nampiany aza hoe: "na dia ireo izay namono ahy aza tokony tsy ho avy aty".Avy eo izy niangavy mafy piti-drano.

## IREO OLONA AN-DALANA HO ANY AMIN'NY HELO

Nanehoan'ny tompo tranga ety an-tany aho avy eo izay misy olona maro mividy zavatra mampandeha azy any amin'ny helo.Tany Ghana io magazay io, fa misy toy io eran'izao tontolo izao. Mivarotra fitaovana misy herin-devoly ampiasain'ireo mpimasy sy mpaminany sandoka any ampiangonana ireo magazay ireo.Anisan'izany ny labozia miloko mena, manga,volomparasy, mavokely, mainty ary maitso, menaka devoly maro samihafa, rano voahasina, vovo-javatra,fanalahidy ary zavatra hafa maro izay ampiasain'ny fiangonana sy ny mpimasy hanaovana fombafomba.Nanambara tamiko ny Tompo fa raha misy olona mividy ireny fitaovana ireny dia mirona makany amin'ny helo, satria voasoratra any amin'ny helo ny anarany.Avy eo aho nahita devoly iray mitazona boaty lehibe iray misy peratra maro isan-karazany. Ireo peratra ireo, hoy izy, dia omeny ny olona ety an-tany arakaraky ny filàny .Ireo fitaovana ireo dia mba ho fiarovana, fanasitranana, hakingan-tanana, tromba, fahalalana ary zavatra hafa koa.Avy eo dia nahita tavoahangy maro aho, nentin'ireo devoly tety an-tany ireo tavoahangy mba hampiasain'ny olona hamosaviana ny hafa sy hanagadrana ny fanahiny ao anaty tavoahangy any amin'ny fanjakana amin' ny tontolo ara-panahy.Na iza na iza mampiasa ireny fitaovana ireny dia miray amin'ny satana ka ho lasa any amin'ny helo ny ho saziny.

Nanehoan'ny Tompo olo-malaza maro aho toy ny mpitsara ambony, mpisolovava, mpitsara, mpanao politika izay mizotra mankany amin'ny helo noho ny fampiasana ireny fitaovana ireny mba ho avo lenta sy hahazahoana toerana ambony ary mba halaza.Nahita mpilalao horonan-tsary vavy malaza iray tao ghana aho, izay manana ireny zavatra ireny eo anelanelan'ny nonony mba hambaboana ny

olona.Izy sy izay olona maro hafa mampiasa fitaovana misy herin'ny maizina dia mankany amin'ny helo.

Nahita mpihira masina sy mpihira hiran'izao tontolo izao maro koa aho izay mankany amin'ny lalan'ny helo noho ny fampiasana ireny fitaovana ireny mba hanan-talenta sy hamoaka kapila mangirana.Nanehoan'Andriamanitra mpibata fonjam-by aho, izay mampiasa ranon-javatra atao amin'ny vatany mba hahery sy halaza.Ireo rehetra ireo dia miaraka mankany amin'ny lalan'ny helo.

**MPILALAO BAOLINA KITRA ANY AMIN'NY HELO**

Nahita ankizy vao 12 taona mpilalao baolina kitra aho tany .Nanontany ny Tompo aho ny antony nahalasa azy tany, novaliany aho hoe, satria izy tao anatin'ny mpanompo sampy.Ny mpampianatra azy no nanoro azy io mba hahatonga azy ho lasa mpanao baolina kitra malaza. Nentina tany amin'ny mpimasy izy ka nahazo fitaovana misy herin'ny maizina ary menaka mba hahay hilalao .Nahita mpilalao Breziliana hafa koa aho tany amin'ny helo .Nandeha tany amin'ny mpimasy izy mba hilalao ao amin'ny ekipa iray .Tsy nety niverina hisaotra, ka maty teo am-pilalaovana izy indray andro .Hitako ihany koa I Marc-Vivien Foé, mpilalao baolina kitra "camerounais", izy maty teo am-pilalaovana baolina kitra tany Frantsa tamin'ny 2003. Nandeha tany amin'ny mpanjakavavin'ny sisin-dranomasina izy mba hahafahany milalao "Coupes des Nations d'Afriques".Rehefa azony ny hery, tokony hatao sorona amin'ny "reine de la côte" ny reniny kanefa tsy nataony izany.Noho ny tonga ilay fotoana, misy fanahy iray izay nivoaka avy any anaty rano namel y ny fony ka naha faty azy avy hatrany, teny ambony kianja.Lasa any amin'ny helo izy noho ny fanompoan-tsampy .Tany amin'ny helo dia hitako nitazona karan-dohan'olona.

**MPILALAO BAOLINA KITRA SY MPANOHANA MARO MIRONA MAKANY AMIN'NY HELO**

Avy eo aho dia naseho ekipa maro sy ireo mpanohana azy izay mizotra mankany amin'ny helo, mandalo «tunnel».Ny ekipa hitako voalohany dia ny ekipan'ny "Chelsea Football Club" zay notarihin'I Ivanovic, arahin'ny mpilalao hafa eo ankavanany. Misy fitaovana maro isankarazany eny an-tanany; ny sasany nanana emboka manitra, menaka, peratra "masina"ary zavatra maro samihafa. Naseho ahy koa fa izay manaraka ny lalao sy manohana ireo ekipa ireo amin'ny fony dia manaraka azy any amin'ny helo.

Avy eo dia nasehon'ny tompo an'i Ronaldino sy ankizy tokony ho eo amin'ny 8-13 taona aho. Ireo ankizy ireo dia naka tahaka ny filalaony.Nahita devoly manana endrika miavaka aho, endrika samihafa, toy ny endri-behivavy, rajako izay nanan'elatra toy ny fanihy. Io devoly io no manampy azy hilalao tsara.Rehefa manao fanazaran-tena izy ireo dia miseho ireo devoly ary miditra ao anatiny .Hitako izy sy ireo mpanohana azy mankany amin'ny helo.

Ny mpilalao baolina kitra hafa hitako koa dia I Kaka.Nisy Baiboly teny amin'ny tanany ankavanana ary baolina kitra teny amin'ny tanany ankavia.Nahita devoly nanatona azy aho, niteny taminy hoe "Manaraha ahy dia hasehoko anao ny lalan'ny lainga .Noraisin'ilay devoly avy eo ilay baiboly, napetrany teo amin'ny tanany havia ary ilay baolina teo amin'ny tanany havanana.Mampalahelo fa io devoly io dia mitarika azy ho any amin'ny helo koa.Nahita lehilahy niteny tamin'ny fiteny "Portuguais" taminy aho, fa afaka ho kristiana izy fa izay tiany hatao amin'ny baolina kitra dia avelany hataon'ilay olona. Nanao fombafomba isankarazany izy avy eo nisy devoly niseho, avy eo dia nasiany

tsiranoka teo amin'ny lohany ka niditra tao amin'I Kaka ilay devoly.Avy eo izy dia afaka nilalao tsara izy.Nahita ireo mpilalao brezilianina zatovo manarak'azy any amin'ny helo.

Avy eo naseho olona samihafa izay mizotra mangina mankany amin'ny helo, nohon'ny ekipan'I Bresil. Nanontany an'I JESOSY KRISTY TOMPO ny nataon'ireo olona ireo aho, niteny izy fa ***nohon'ny fanompoan-tsampy.Sady ny baolina kitra dia toy ny andriamaniny ka izay manohana azy dia ho lasa any amin'ny helo***.Nahita an'I Pelé nankany amin'ny fasana aho andro alina mba hiantso devoly, io devoly io dia nanatona ireo mpilalao baolina sy nanosotra menaka azy ireo sady nanafatra azy ireo tsy hikasika  vehivavy.Avy eo nahita devoly hafahafa, izay manana lohan'olona sy vatana sarakely.Devoly no mitantana ny ekipa Breziliana, anisan'izany ireo mpilalao fahiny toa ny Pelé sy maro hafa.Nahita Breziliana maro aho izay manaraka azy ireo any amin'ny helo noho ny fankafizana tafahoatra ny baolina kitra.Maro ireo mpilalao balina kitra izay mampiasa peratra, menaka miavaka ary karazan-javatra voahasina mba ho mailaka.Ny mampalahelo anefa ireo mpilalao sy mpanohana dia mandeha mankanyamin'ny helo.

Nahita ny ekipa Frantsay izay tarihin'ny Zidane sy mpilalao fahiny maro koa aho.Ireo mpankafy mpanohana azy ireo dia manaraka azy any amin'ny helo koa, manarak'izay dia nahita ny ekipam-pirenena egiptiana izay tarihin'I Aboutreka aho, ka izy rehetra manarak'azy any amin'ny helo.Ireo ekipa ireo dia notarihin'ny devoly roa miendrika omby vavy.Ilay devoly sefo izay nanampy azy ireo ho tompon-daka efa im-pito tamin'ny "Coupes des Nations Afriques" dia tsy iza fa I "Osiris", ilay andriamani-bavy Egiptiana.

Avy eo dia naseho ny ekipan'izao tontolo izao aho, anisan'izany ny ekipan'ny Ghana, ny Black Star izay arahin'ireo mpanaraka sy mpankafy azy any amin'ny helo. Nanontany an'I JESOSY KRISTY TOMPO ny antony nahatonga izao, nolazainy fa, ***satria an'ny fahavalo ireo ary tafiditra anatin'ny fanompoan-tsampy.***Niteny koa ny <u>TOMPO</u> hoe "***Mampitandrina anareo aho fa izay olona tafiditra anatin'ny fanompoan-tsampy dia tsy handova ny fanjakako"***. Nahita ireo fikambanana manana ny traikefa rehetra, mizotra mangina mankany amin'ny helo miaraka amin'ireo mpanohana azy ireo aho. Ireo ankizilahy izay manaraka ny ataon'ireo mpanao baolina kitra matianina dia manaraka azy any amin'ny helo.Ny sasany amin'ireo ankizy ireo dia tsy mankany amin'ny mpimasy irery, fa ireo mpampianatra sy mpanazatra no maka ireny ody ireny ka manoro hevitra azy ireo ny amin'ny tokony hataony.

**NY KRISTIANA SY NY BAOLINA KITRA**

Avy eo aho nahita ekipa kristiana roa (02) izay milalao baolina kitra, tonga teo ny devoly maro miendrika "ours" mipetraka sy mijery ilay lalao.Faly sy nihinjakinjaka izy ireo.Nisy Devoly maro hafa nivoaka ny tany mba hifehy ny fandehan' ny lalao toy ny hoe izy ny mpanazatra, na dia ny kristiana azany milalao, afaka manatrika izy ireo satria ny baolina kitra dia kilalao noforonin' i satana mba hamandrihana olona maro hitondrana azy ireo any amin'ny helo.

Nahita lalao hafa koa aho izay mampifanandrina fiangonana roa (02) misy mpilalao iray ao amin'iray amin'ireo  ekipa no lasa nanatona mpimasy mba handresen'ny ekipany, nomena famantaran'andro izy sy noteneniny fa tsy maintsy matory any amin'ny fasam-bahina amin'ny 12 ora ka hatramin'ny 06 maraina.Tao aorian'izay, napetrany teo ankaikin'ny tsato-bin'ireo mpifanandrana aminy ilay famantaran'andro mba handreseny.Toa amin'ilay ekipa iray koa dia nisy lehilahy nanatona mpimasy

hafa izay nanome azy tsiranoka hafahafa ,hararaka eo amin'ny fanamian'izy ireo.Niditra tao anatin'ireo mpilalao ireo demony ka nilalao tamin'ny herin'ny fohy "nains" teo amin'ny kianja.

**IREO OLONA MISY TOMBOKAVATSA**

Nahita ankizilahy Amerikana vao 17 taona antsoina hoe Phillip aho tany amin'ny helo.Nanao tombokavatsa miendrika hala io ankizilahy io tao amin'ny lamosiny.Nilaza izy fa noho ny namany niteny fa hiaro azy amin'ny aretina io no nahatonga azy hanao izany.Avy eo hitako nandalo teo ankaikiny i satana mihomehy azy.Tao am-piangonana io ankizilahy io ka nihevitra fa ho lasa any an-danitra. Indrisy fa, lasa any amin'ny helo io ankizilahy io amin'izao, noho ilay tombokavatsa.Niteny Losifera avy eo hoe: "Ireo izay mampiasa tombokavatsa dia manompo ahy".Nahita olona maro anaty toerana iray ao amin'ny helo aho, izany rehetra izany nohon'ny tombokavatsa eny amin'ny vatan'izy ireo, kavina amin'ny faritra hafa ankoatrin'ny amin'ny ravin-tsofina.Hitako avy eo I satana nivadika tovolahy feno tombokavatsa sy kavina ary naneso azy ireo sady miteny *LEV 19:28 "Aza mitetika ny tenanareo raha misy maty, na manao tombokavatsa amin'ny tenanareo.Izaho no Iaveh"*.Tany amin'ny helo dia nisy vy hafanaina, atao izay hahamena azy ary apetaka eo amin'ny faritra misy tombokavatsa ka mampijaly fatratra ireo olona.Nahita ankizilahy aho nilaza fa tsy fantany akory ny ho fiantraikany, fa nahita namany nisy izy ka naka tahaka. Amin'izao dia any amin'ny helo koa io ankizilahy io sady mijaly mafy noho ilay tombokavatsa.

**IREO LEHILAHY MANAO KAVINA**

Raha nandeha lavidavitra aho dia nahita lehilahy manao kavina izay ao anaty lavak'afo, niteny tamiko izy fa hambaboana sady hitiavan'ny tovovavy azy no antony nanaovany izany, nanana peratra hambaboana tovolahy sy tovovavy koa izy mba handriany aminy.Ny ankamaroan'ny lehilahy sy ankizilahy dia manao izny hambaboana sy handriany amin'ny vehivavy.Io dia endrika fanompoan-tsampy hafa koa izay mahazo vahana amin'izao fotoana izao ka miditra amin'ireo tovolahy sy ankizilahy izay manao izany ny fanahin-demony.Ka mitarika voka-dratsy amin'ny fiainan'izy ireo izany.

**BOKIN'NY SATANA SY DEMONY**

Avy eo aho dia naseho tranom-boky tany amin'ny helo, io trano io dia maizina misy labozia miloko mena, manga, mainty ka mitsonika rehefa mirehitra. Nahita ny bokin'I Mormon, boky momban'ny fanandroana, bokin'ny famosaviana madio (sorcellerie blanche) baibolin'ny satana, ireo boky momban'ny fivoarana (livres sur l'evolution), boky faha enina sy fahafiton'I MoÏse, bokin'ny "hip-pop", bokin'ny fiofoana(livres de mutation) sy bokin'ny demony maro samihafa izay ampiasain'ny antokom-pinoana sasany.Ireo izay mampiasa ireo boky ireo dia lasa any amin'ny helo.Nahita bokin'ny kristiana betsaka koa aho tany ka niteny I losifera hoe: "ao amin'ireo boky ireo no misy ny fanahiko ka izay boky tsy misy ny fanahin'Andriamanitra dia eo amin'ny ny fahefako". Nilaza koa izy fa "Ireo boky voarakotra ao anatin'io tranomboky io dia afaka hitondra ny olombelona any amin'ny helo".Tokony ho mailo hatrany amin'ny boky vakiany ny olona, na dia ireo boky mitondra lohateny kristiana aza.

**MIARAMILA ANY AMIN'NY HELO**

Rehefa tafavoaka tao aho, nentina tany amin'ny faritra hafa izay misy miaramila.Miaramila avy amin'ny firenena rehetra fony fahavelony.Tao anatin'ny farihy mirehitra afo.Nitady fiarovana

amin'ny basy sy fitaovam-piadiana izy ireo.Ny sasany nanana fahefana hanjavona ny sasany nanao aron'akanjo izay mariky ny fiarovana amin'ny bala.Nanao fanompoan-tsampy samihafa izy ireo mba ho voaaro, tety ambony tany.Samy nisy ny marika 666 ny tsirairay.Nisy demony lehibe mampijaly sady mampitahotra azy ireo.Ny demony miandraikitra io faritra io dia manana tongotra 19 sady miendrika sahona misy maso telo.Nahita miaramila avy any Ghana aho izay nana tantara mampalahelo, nanao haiady izy ary rehefa maty dia notarihin'ny demony any amin'io faritra io tany amin'ny helo.Betsaka amin'ireo olombelona no tsy mahafantatra fa mitondra mankany amin'ny helo ny haiady.

**IREO OLONA MIFOKA**

Avy eo naseho olona roa tany amin'ny helo aho, izay lasa tany noho ny fidorohana zava-mahadomelina.Tokony ho fantatrin'ny olona fa mitondra mankany amin'ny helo ihany koa ny fifohana sy fidorohana.

**IREO OLOMBELONA MIVAVAKA AMIN'NY OLO-MASINA**

Nahita olona izay nivavaka tamin'ny olo-masina fony mbola tety an-tany aho nefa voalahatra ao anatin'ny fanompoan-tsampy izany , mijaly fatratra izy noho izany.Avy eo dia nanaraka ilay "tunnel" aho ka niverina tety an-tany.

**FARANY**

I Emmanuel Agyarko dia tovolahy iray avy any Kumasi Ghana.Nanomboka tamin'ny fahazazany izy no nanana fahitana, fa tsy matetika io fahitana io.Kanefa efa nanomboka tamin'ny 2009, niverina natetika io ka nanehoan'Andriamanitra zavatra maro izy.Noho izany dia efa nandeha matetika tany an-danitra sy tany amin'ny helo izy.

**VAVAKA HO FAMELAN-KELOKA**

Rainay izay any an-danitra, tonga aminao aho avy amin'ny alalan'I Jesosy Kristy.Miaky eo anoloanao aho fa mpanonta, manenina aho amin'ny ota izay nataoko sy fomba niainako, mangataka ny famelan-kelokao aho.Mino aho fa ny zanakao lahy tokana Jesosy Kristy dia nandatsaka ny rà masiny teo amin'ny hazo fijaliana tao kalvary noho ny fahotako, vonona aho izao hiala amin'ny fahotako rehetra.Niteny ianao tao amin'ny baiboly, Romana 10:9 fa raha miaiky ny fahotana eo anatrehan'I Jesosy kristy Tompo raha mino amin'ny fo fa natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty izy dia hovonjena izahay. Amin'izao fotoana izao dia manaiky an'I Jesosy Kristy Tompo aho ho mpamonjy ahy manokana ka hanaraka ny teniny aho, avotra aho izao.Misaotra anao Andriamanitra noho ny fahasoavanao tsy manam-petra, izay nanavotra ahy tamin'ny fahotako.Misaotra anao aho Jesosy fa ny fahasoavanao tsy mitondra amin'ny fahotana, fahafatesana fa mitondra any amin'ny fibebahana sy fiainana mandrakizay.Vokatr' izany dia novain'I Jesosy Kristy ny fiainako mba hahafahako midera sy mankalaza azy irery fa tsy ny tenako.Misaotra Jesosy noho ny famindram-ponao sy ny fanomezanao ahy ny fiainana mandrakizay.Amena

**MANGATAKA AMINAREO AHO MBA TSY HANDEHA ANY AMIN'NY HELO, FA MANDRAKIZAY NY ANY.TENA FAHADISOANA LEHIBE NY FISAFIDIANANA NY FIAINANA ANY AMIN'NY HELO, TIA ANAO JESOSY KRISTY ARY TIANY HANANA NY FIAINANA MANDRAKIZAY MIARAKA AMINY ANY AN-DANITRA IANAO**

**“MATOKIA AN’ANDRIAMANITRA FA TSY HANARY ANAO IZY”**

**Ireo andinin-tsoratra masina rehetra dia nalaina tao amin’ny Baiboly katôlika.**

Mpandika teny :**Hortensia RINDRANIAINA & Sandra RASOAMAMPIONONA**